Tompo Allah dia faly amin'ny mpanompo iray rehefa mihinana hanina ka misaotra azy noho izany, na rehefa misotro zava-pisotro ka midera azy amin'izany

Tatitra azo avy amin'i Anas Ibn Malik (R.A) : Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Tompo Allah dia faly amin'ny mpanompo iray rehefa mihinana hanina ka misaotra azy noho izany, na rehefa misotro zava-pisotro ka midera azy amin'izany".
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Manazavana i Mpaminany (S.A.W) hoe : fa ny fisaoran’ny mpanompo ny Tompony noho ny fahasoavany sy ny fitahiany dia iray amin’ireo zavatra hahazoany fahafaham-po amin’Allah. Rehefa nihinana ny hanina izy ka niteny hoe : (Alhamdoulillahi) Isaorana anie Allah, ary rehefa misotro ny zava-pisotro dia miteny hoe : Isaorana anie Allah.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5798